


# PAOMADY AHOSOTRA EO AMIN'NY FOITRA AORIAN'NY FANAPAHANA NY TADIM-POITRAN'NY ZAZA VAO TERAKA MBA TSY HIDIRAN'NY OTRIKARETINA.



## AroFoitra®

Natao ho an'ny zaza vao teraka. Ahitana **AroFoitra®** avokoa eny amin'ny Tobimpahasalamana sy eny amin'ny mpanentana ara-pahasalamana.



Ahosotra ity paomady AroFoitra® ity mba hiarovana ny tadim-poitrany zaza vao teraka amin'ny otrikaretina.




1 Alohan'ny hanosorana ny paomady AroFoitra®, dia tokony hanasa tanana tsara amin'ny rano madio sy savony, ilay olona hanao izany.




2 Hosorana avy hatrany ny paomady AroFoitra® raha va tapaka ny tadim-poitra.



3 Hosorana eo amin'ny faritra vao avy notapahina sy eo am-pototry ny tadim-poitra ny paomady.



4 Azo hosorana paomady moramora, amin'ny rantsa-tanana madio, ny faritra manodidina ny foitra.



5 Tsy fonosina ny foitra avy nosorana paomady AroFoitra®, ary tandremana mba hadio sy ho maina lalandava.

